

Toromarika sy Fepetra Mikasika ny Tsindrona

TOKO

9

65



REHEFA INONA NO TOKONY MAMPIASA NA TSIA NY TSINDRONA

Tsy ilaina matetika ny tsindrona. Ny ankabeazan'ny aretina izay mila fitsaboana ara-medikaly dia azo tsaboina tsara amin'ny fanafody atelina. Isan-taona dia olona antapitrisany maro—indrindra ny ankizy—no mahazo aretina, mahazo kilema, na maty vokatry ny tsindrona tsy nilaina natao taminy. Ny fiadiana amin'ny fampiasana amin'ny tsy tokony ho izy na ny fampiasana be loatra ny fanafody dia zava-dehibe ho an'ny fahasalamana mitovy amin'ny fanaovam-bakisiny, rano madio, na ny fampiasana amin'ny tokony ho izy ny lava-piringa. Amin'ny ankapobeny:

**Mampidi-doza kokoa ny mampiasa tsindrona
noho ny mitelina fanafody.**

Ny tsindrona dia tsy tokony ampasaina raha tsy rehefa tena ilaina. Raha tsy sendran'ny tampoka, tsy maintsy ny mpiasan'ny fahasalamana na olona efa voahofana ihany no tokony manao izany.

Ny hany fotoana tokony hanomezana tsindrona dia:

1. Rehefa tsy misy amin'ny endriny afaka atelina ilay fanafody omena.
2. Raha mandoa matetika ilay olona, tsy afaka mitelina, na tsy mahatsiaro tena.
3. Rehefa sendran'ny tampoka sasany na tranga manokana (jereo ny pejy manaraka).

INONA NO ATAO RAHA TOA KA MANOME TSINDRONA NY DOKOTERA

Indraindray dia manome tsindrona ireo dokotera na mpiasan'ny fahasalamana hafa na dia tsy ilaina aza izany. Rehefa dinihina tokoa dia mahazo vola be kokoa izy ireo amin'ny tsindrona. Adinon'izy ireo ny olana sy ny loza ateraky ny fanomezana tsindrona any ambanivohitra.

1. Raha toa ka te hanome tsindrona anao ny mpiasan'ny fahasalamana na mpitsabo dia ataovy azo antoka tsara fa *mety* tokoa ilay fanafody ary efa nandray ny fepetra rehetra izy.
2. Raha toa ka manome tsindrona ny dokotera dia azavao azy fa mipetraka amin'ny toerana tsy misy olona voafana hanindrona ianao ary anotanio azy raha azony atao ny manome fanafody afaka atelina anao.
3. Raha toa ka te hanome vitamina atsindrona, fanafody azo avy amin'ny atim-biby, na vitamina B12 ny dokotera nefá mbola tsy nitily ny rànao, lazao izy fa aleonao mijery dokotera hafa.

IREO TAMPOKA IZAY TSY MAINTSY HANOMEZANA TSINDRONA

Raha sendra ireto aretina manaraka ireto dia mandehana mitady fanampian'ny dokotera faran'izay haingana indrindra. Raha misy fahataràna amin'ny fahazoana fanampiana na fitondrana ilay olona marary eny amin'ny tobim-pahasalamana dia tsindrony amin'ny fanafody mifanarakaka amin'ny trangan'aretina arak'izay haingana ilay marary. Ho an'ny antsipirihiny mikasika ny fatrany dia jereo ny lisitra ao anatin'ny pejy eo ambany. Alohan'ny hanindronana dia fantaro ny mety ho voka-dratsin'ilay tsindrona ary raiso ny fepetra ilaina amin'izany (Jereo ireo pejy Maitso).

Ho an'ireto aretina ireo Pneumonia Mahery Vaika (p. 171) Fery Mandoaka (p. 213)	Ataovy tsindrona ireto fanafody ireto penicilline amin'ny fatra ambony (p. 351)
Otrikaretina aorian'ny Fiterahana (p. 276)	ampicilline (p. 352) sy gentamicine (p.358) ampiarahana amin'ny metronidazole atelina (p. 368).
Tetanosy (p. 182)	penicillin (p. 351) sy antitoxin-n'ny tetanosy (p. 388)
Apandsita (p. 93-94) Peritonita (p. 93-94) na ratra avy amin'ny bala na ratra nandoaka ny kibo	ampicillin amin'ny fatra ambony (p.352) na penicillin (p. 352)
Kaikitra bibilava misy poizina (p. 105) maingoka (amin'ny ankizy, p. 106)	antitoxines sy fiadiana amin'ny Tsindron'ny poizina (p. 387)
Menenzita (p. 185) raha toa ka tsy heverinao ho raboka izany	ampicillin (p. 352 sy 353)
Menenzita (p. 185) raha toa ka heverinao ho raboka izany	ampicillin miaraka amin'ny streptomycin (p. 353) sy fanafody raboka hafa raha mety (p. 359)
Fandoavana (p. 161) rehefa tsy voafehy	antihistamines, ohatra hoe promethazine (p. 385)
Tsy fahazakana zavatra sy Fihetsehan'ny tsy fahazakana (p. 70)	epinephrine (<i>Adrenalin</i> , p. 385) sy diphenhydramine raha azo atao (<i>Benadryl</i> , p. 386).

Ireto aretina mitaiza manaraka ireto dia mety mila tsindrona tokoa na dia anisan'ny aretina mila vonjy taitra aza. Tsara kokoa ny manantona ny mpiasan'ny fahasalamana mikasika ny fitsaboana.

Raboka (p. 179 sy 180)	streptomycin (p. 361) miaraka amin'ny fahafody raboka hafa (p. 359)
Angatra (p. 237)	benzathine penicillin amin'ny fatra ambony (p. 238 sy 352)
Angaboribory (p. 236)	ceftriaxone (p. 359) spectinomycin (p. 359)



REHEFA INONA NO TSY MAMPIASA TSINDRONA:

- Aza** manome tsindrona **mihitsy** raha afaka mahazo fanampian'ny dokotera haingana ianao
- Aza** manome tsindrona **mihitsy** raha toa ka tsy aretim-be.
- Aza** manome tsindrona ho an'ny sery na gripe **mihitsy**.
- Aza** manindrona fanafody tsy natao ho an'ilay aretina tianao tsaboina **mihitsy**.
- Aza** manindrona **mihitsy** raha tsy nampangotrahina na voadio ilay fanjaitra.
- Aza** manindrona fanafody **mihitsy** raha tsy fantatrao ary noraisinao ireo fepetra natoro.

IREO FANAFODY TSY AZO ATAO TSINDRONA

Amin'ny ankapobeny dia tsara kokoa raha **tsy** atao tsindrona **mihitsy** ireto manaraka ireto:

1. Vitamina. Mahalana no tsara kokoa noho ny vitamina atelina ny vitamina atsindrona. Ny tsindrona dia lafo kokoa ary mampidi-doza. Mampiasà vitamina pilina na sirao fa tsy tsindrona. Fa ny mbola tsara kokoa dia ny mihinana sakafio be vitamina (jereo p. 111).

2. Tsindrona amin'ny fanafody azo avy amin'ny atim-biby, vitamina B₁₂, ary vy (toy ny *Inferon*). Ny fanindronana amin'ireo dia mety hiteraka nana na tsy fahazakana mahery vaika (dona, p. 70). Ireo pilina fera (ferrous sulfate) dia manampy betsaka ho an'ny ankabeazan'ny trangan'ny tsy fahampian-drà (p. 392).

3. Sokay(kalsiôma). Ny manindrona sokay any anaty lalan-drà dia tena mampidi-doza tokoa raha toa ka tsy alefa **moramora**. Ny fanindronana ao amin'ny fitombenana dia mety hiteraka *nana* lehibe. Ny olona tsy manana traikefa dia tsy tokony hanindrona sokay.

4. Penicillin. Ny ankabeazan'ireo aretina mila penicillin dia azo sitranina tsara amin'ny penicillin atelina. Penicillin dia mampidi-doza kokoa raha atsindrona. **Aza mampiasa tsindrona penicillin raha tsy amin'ny aretina mampidi-doza ihany.**

5. Penicillin miaraka amin'ny streptomycin. Amin'ny fitsipika ankapobeny, fadio ny manambatra ireo fanafody ireo. Aza ampiasaina amin'ny sery na gripe mihitsy satria tsy mandaitra izy io. Mety hitera-doza izany, indraindray dia mamparenina na mahafaty. Ny fampiasana azy be loatra ihany koa dia mahatonga ny raboka na aretina mahery vaika hafa ho sarotra sitranina.

6. Chloramphenicol na tetracycline. Ireo fanafody ireo dia mitovy fiasa na atsindrona na am-bava; eny mety mandaitra kokoa aza raha atelina. Aleo mampiasa capsules na sirô toy izay tsindrona (p. 355 sy 356).

7. Rano atao tsindrona (serôma). Tsy tokony ampiasaina afa-tsy amin'ny tsy fahampian-drano mahery vaika na omen'ny olona voaoefana tsara amin'izany. Raha tsy atao amin'ny tokony ho izy ny fanomezana izany dia mety hiteraka aretina mampidi-doza na fahafatesana (p. 53).

8. Fanafody atsindrona anaty lalan-drà. Mitera-doza tokoa ny manindrona fanafody any anaty lalan-drà ka tsy maitsy mpiasan'ny fahasalamana efa voaoefana tsara no manao izany. Na izany aza, aza atsindrona any anaty hozatra (fitombenana) mihitsy ny fanafody izay voalaza fa 'atsindrona amin'ny lalan-drà irery ihany'. Toy izany koa, aza atsindrona mihitsy any amin'ny lalan-drà ny fanafody izay voalaza fa 'atsindrona amin'ny hozatra irery ihany'.

IREO LOZA SY IREO FEPETRA RAISINA

Ireo loza ateraky ny fanindronana amin'ny fanafody dia (1) aretina ateraky ny mikraoba miara-miditra amin'ilay fanjaitra ary (2) tsy fahazakana na fanapoizinana ateraky ny fanafody.

1. Mba hampihenana ny tahan'ny fitrangan'ny otrikaretina rehefa manindrona dia ataovy azo antoka fa madio tsara daholo ny zavatra rehetra. Tena zava-dehibe tokoa ny mampangotraka ny fanjaitra sy ny fitaovalam-panindronana alohan'ny hanindronana. Aorian'ny fampangotrahana dia aza kasihina amin'ny tananao na amin'ny zavatra hafa ny fanjaitra.


Aza averina hanindronana olon-kafa ilay fanjaitra sy fitaovalam-panindronana raha tsy efa nampangotrahina.
Araho tsara daholo ny toromarika mikasika ny fanindronana (jereo ny pejy manaraka).

Sasao tsara ny tananao alohan'ny hikarakarana ny tsindrona na hanindrona.

2. Zava-dehibe tokoa ny mahalala ny mety ho tsy fahazakana ateraky ny fanafody iray ary ny mandray ireo fepetra rehetra natoro alohan'ny hanindronana.

Raha mitranga ireto famantarana tsy fahazakana na fanapozinana ireto dia aza manome an'io fanafody io na fanafody mitovy aminy intsony:

- *tandomerina* (faritra mena mivonto eo amin'ny hoditra) na mibontsibontsina mangidihidy
- mivontovonto eny rehetra eny
- fahasarotana miaina
- *famantarana dona* (jereo p. 70)
- fanimpanina sy maloiloy (te handoa)
- olana eo amin'ny fahitana
- sofina maneno na marenina
- marary lamosina be
- fahasarotana eo amin'ny fivalanan-drano



Ny nana toy ity dia avy amin'ny tsindrona tamin'ny fanjaitra tsy napangotrahina tsara ary tsy madio (madio tanteraka ary tsy misy mikraoba).



Ny tandomerina na bontsibontsina mangidihidy dia mety hitranga ora vitsy na andro maro aorian'ny nitsindronana. Raha mbola omena io fanafody io ihany ilay olona dia mety hiteraka tsy fahazakana mahery vaika izany ary mety hahafaty aza (jereo p. 70).

Ity zaza ity dia notsindronina tamin'ny fanjaitra *tsy madio* (nampangotrahina ary tsy misy mikraoba).

Ilay fanjaitra maloto dia niteraka otrikaretina izay niteraka nana lehibe sady marary (*mamori-nana*) ary nampanavy ilay zaza. Farany dia vaky ilay nana araky ny hita eto amin'ny sary eto ambany.

Ity zaza ity dia notsindronina satria voan'ny sery. Tsara lavitra kokoa raha tsy nomena fanafody mihitsy izy. Raha tokony hanasitrana azy ilay tsindrona dia lasa niteraka aretina sy loza ho an'ilay zaza.

TANDREMO: Raha azo atao, aleo fanafody atelina hatrany no omena fa tsy atsindrona indrindra ho an'ny zaza.



Mba hisorohana ny olana toy izao dia:

Aza manindrona raha tsy tena faran'izay ilaina.

- ◆ Ampangotraho ilay fitaovam-panindronana sy ny fanjaitra alohan'ny hanindronana ary tandremo tsara ny fihazonana ny fahadiovan'izy ireo.
- ◆ Aza mampiasa afa-tsy ilay fanafody natokana ho an'ilay aretina ary ataovy azo antoka tsara fa mbola tsara ary tsy lany daty ilay fanafody.
- ◆ Amin'ny toerana tokony ho izy no tsindronina.
Aza tsindronina any amin'ny fitombenany ny ankizy sy ny zaza madinika fa eo amin'ny faritra ambony kokoa eo amin'ny fe ivelany izy no tsindrony. (Diniho tsara fa **ambany loatra** ny nanindronana io zaza io teo amin'ny fitombenana, eo amin'ny faritra izay manimba ny hozatatitra).

IREO TSY FAHAZAKANA NY FANAFODY NATSINDRONA SASANY MAMPIDI-DOZA

Ireto vondrom-panafody manaraka ireto indraindray dia miteraka tsy fahazakana mampidi-doza antsoina hoe TSY FAHAZAKANA MITRANGA TAMPOKA fotoana fohy aorian'ny fitsindronana:

- penicillins (ao anatin'izany ny ampicillin)
- antitoxins izay namboarina tamin'ny serôma azo avy amin'ny soavaly

fiadiana amin'ny
poizin'ny maingoka
fiadiana amin'ny
poizin'ny bibilava
antitoxin ho an'ny
tetanosy



Ny mety hitrangan'ny tsy fahazakana mahery vaika eo amin'ny olona iray dia lehibe tokoa ho an'ny olona izay notsindronina tamin'ny iray amin'ireo fanafody ireo na fanafody iray vondrona aminy. Io loza mety hitranga io dia lehibe indrindra raha niteraka tsy fahazakana ilay fanafody (*tandomerina*, bontsibontsina, hidihidy, fivontovontosana, na olana amin'ny fisefoana) ora na andro vitsy aorian'ny fitsindronana.



Mahalana ny TSY FAHAZAKANA MITRANGA
TAMPOKA(torana na safotra)

avy amin'ny tsindron'ny fanenitra na tantely na
fanafody atelina



Mba hisorohana ny tsy fahazakana mahery vaika ateraky ny tsindrona dia:

1. Aza mampiasa tsindrona raha tsy faran'izay ilaina.
2. Alohan'ny hanindronana ireo fanafody notanisaina teo ambony dia asio ampoule misy epinephrine miisa 2 efa vonona (*Adrenalin*, p. 385) sy ampoule misy antihistamine toy ny promethazine (*Phenergan*, p. 385) na diphenhydramine (*Benadryl*, p. 386).
3. Alohan'ny hanindronana, anontanio foana raha efa nisy fotoana niteraka hidihidy na tsy fahazakana hafa ilay tsindrona. Raha manaiky ilay olona dia aza mampiasa io fanafody io na fanafody hafa mitovy karazana aminy, na tsindronina na atelina.
4. Amin'ny tranga tena goavana toy ny tetanosy na kaikitry ny bibilava, raha toa ka mety hiteraka tsy fahazakana ilay antitoxin (raha misy tsy fahazakana na voan'ny asma ilay olona na nahazo serôma azo avy amin'ny soavaly teo aloha) dia tsindrony promethazine na diphenhydramine izy 15 minitra mialohan'ny hanomezana antitoxin azy: olon-dehibe, 25 hatramin'ny 50 mg.; ankizy, 10 hatramin'ny 25 mg., miankina amin'ny halehiben'izy ireo (jereo p. 386).
5. Aorinan'ny fanindronana ny fanafody dia mijanona eo anilan'ilay olona mandritra ny 30 minitra hijerena ireto famantarana TSY FAHAZAKANA MITRANGA TAMPOKA, manaraka ireto:
 - hoditra mangatsiaka, tsemboka, hatsatra, miloko volon-davenona (hatsembohana mangatsiaka)
 - fidoboky ny fo malefaka, na haingana be
 - fahasaratana miaina
 - tsy fahatsiarovan-tena
6. Raha mitranga ireo famantarana ireo dia tsindrony epinephrine (*Adrenalin*) avy hatrany ilay olona: olon-dehibe, 1/2 ml.; ankizy, 1/3 to 1/4 ml, miankina amin'ny halehiben'izy ireo. Tsaboy toy ny mitsabo Dona ilay olona (jereo p. 77). Avy eo dia omeo antihistamine avo roa heny amin'ny fatra tokony ho izy.


Ahoana ny Atao Mba Hisorohana tsy Fahazakana Mahery Vaika ny Tsindrona Penicillin

1. Ho an'ny trangan'otrikaretina malefa hatramin'ny antony:

omeo penicillin pilina




fa tsy tsindrona



2. Alohan'ny hanindronana dia anontantio ilay olona:


“Efa nibontsibontsina, nangidihidy, nivontovonto, na nisy olana tamin’ny fisefoana tamin’ny avy nitsindrona penicillin?”




Raha toa ka eny ny valiny, aza mampiasa penicillin, ampicillin, na amoxicillin. Mampiasa antibiotika hafa toy ny erythromycin (p. 354) na sulfonamide (p. 356).

3. Alohan'ny hanindronana penicillin:

Ataovy vonona ny ampoules misy EPINEPHRINE (*Adrenalin*).



4. Aorinan'ny tsindrona:



Mijanona miaraka amin'ilay olona farafahakeliny 30 minitra.


5. Raha lasa hatsatra ilay olona, midoboboboka haingana be ny fony, sarotra aminy ny miaina, na manomboka torana izy dia tsindrony amin'ny hozany (na ao ambany hoditra) avy hatrany ny antsasaky ny ampoule misy EPINEPHRINE (*Adrenalin*, ampahaefan' ny ampoule ho an'ny zaza madinika) ary avereno ao anatin'ny 10 minitra izany raha ilaina.




AHOANA NY FOMBA FANOMANANA NY FITAOVAM-PANINDRONANA

Alohan'ny hikarakarana ny fitaovam-panindronana dia **sasao amin'ny rano sy savony ny tanana**.


1. Raiso ny fitaovam-panindronana sy ny fanjaitra ary ampangotraho mandritra ny 20 minitra




2. Ario ilay rano mangotraka ary aza kasihina ny fitaovam-panindronana na ny fanjaitra




3. Atambaro ny fitaovam-panindronana sy ny fanjaitra, ilay ambanin'ny fanjaitra sy ny bokitr'ilay fanosehana ihany raisina.



4. Diovy tsara ilay ampoule misy rano voatanika ary tapaho ny lohany.




5. Fenoy ilay fitaovam-panindron na (tandremo tsy hikasil ny ivelan'ny ampoule ilay fanjaitra)




6. Koseho amin'ny lambakely madio misy alikaola na rano mangotraka ny tampon'ny tavoahangy.



7. Atsindrony ao anatin' ilay tavoahangy misy vovom-panafody ilay rano voatanika.




8. Ahontsany mandrapahalevon'ny fanafody.



9. Fenoy indray ny Fitaovam-panindronana



10. Esory ny rivotra refetra ao anatin'ny fitaovam-panindronana.




Tandremo tsara, aza akasina amin-javatra ilay fanjaitra—eny fa na dia vovon-dandihazo misy alikaola aza. Raha toa ka voakasiky ny tananao na zavatra hafa ilay fanjaitra dia avereno ampangotrahina.

AIZA NO ATAO ILAY TSINDRONA


Alohan'ny hanindronana dia **sasao amin'ny rano sy savony ny tanana**.

Tsara kokoa raha atsindrona amin'ny hozatry ny vody izany, ary eo amin'ny ampahefan'ny **faritra ambony ivelany** izany no atao.



AHOANA NY ATAO REHEFA HANINDRONA

1. Diovy amin'ny savony sy rano (na alikaola—saingy mba hialana amin'ny fanaintainana mahery vaika dia ataoovy azo antoka fa maina tsara ilay alikaola alohan'ny hanindronana).




3. Alohan'ny hanindronana dia sintony kely ilay fanosehana. (raha misy rà miditra ao anatin'ilay fitaovana fanindronana dia tsoahy ny fanjaitra ary afindrao amin'ny faritra hafa).



6. Aorian'ny fanindronana dia kobano eo no ho eo ny fitaovam-panindronana sy ny fanjaitra. Asio rano ao anatin'ny fitaovam-panindronana sy ny fanjaitra, afotsitsitra io rano io avy eo dia alaivo ny fitaovam-panindronana ary sasao. Ampangotraho indray rehefa hampiasa azy.

TANDREMO: Aza manindrona eo amin'ny farity ny hoditra misy maratra na bontsibotsina.

Aza tsindronina amin'ny fitombenany ny zaza sy ny ankizy madinika. Tsindrony eo amin'ny faritra **ambony kokoa** eo amin'ny fe **ivelany** izy



2. Atsindrony mahitsy tsara ny fanjaitra. (Raha atao aingana be izany dia tsy dia marary.)



4. Raha tsy misy rà miditra dia atsindrony moramora ny fanafody.

5. Tsoahy ny fanjaitra ary diovy indray ny hoditra.



AHOANA NO MAHATONGA NY TSINDRONA HAMPISY KILEMA NY ZAZA

Raha ampiasaina amin'ny tokony ho izy ny fanafody atsindrona sasany toy ny vaksiny dia zavadehibe tokoa amin'ny fiarovana ny fahasalamany ankizy ary hiarovana azy tsy hanan-kilema. Saingy ny tsindrona atao amin'ny fanjaitra sy fitaovam-panindronana tsy voadio no mety hiteraka otrikaretina mampidi-doza. Ny fanjaitra sy fitaovam-panindronana tsy madio dia mety hanaparitaka mikraoba izay miteraka VIH na aretina mampidi-doza hafa toy ny hepatita, avy amin'ny olona iray mankany amin'ny olona iray hafa. Ny fanjaitra sy fitaovam-panindronana ihany koa dia miteraka otrikaretina izay mitarika fahalemena na fahafatesana. **Aza manindrona olona mihoatra ny 1 amin'ny fanjaitra na fitaovam-panindronana raha tsy manadio izany mialoha.**

Ny fanafody atsindrona sasany dia mety hiteraka tsy fahazakana mahery vaika, fanapoizinana, tsy fandrenesana, na voka-dratsy mampidi-doza hafa. Ohatra: ny vehivavy mitondra vohoka dia omena tsindrona hormonina mba hanafainganana ny fiterahana sy 'hanomezana hery'—saingy mampidi-doza ho an'ilay reny izany ary mety hanimba ny atidohana na hahafaty ilay zaza.

Raha mila fanazavana fanampiny mikasika ny mahatonga ny tsindrona hampisy kilema ny zaza dia jereo ny Zaza Manan-kilema eo an-tanàna, Toko 3.

Raha mila hevitra mikasika ny fampianarana ny olona momba ny loza ateraky ny tsindrona tsy ilaina, jereo ny Manampy ireo Mpiasan'ny Fahasalamana Hianatra, Toko 18, 19, ary 27.

AHOANA NY FOMBA HANADIOVANA IREO FITAOVANA

Maro ireo areti-mifindra toy ny VIH (jereo p. 399), hepatita (jereo p. 172), ary tetanosy (jereo p. 182), no mifindra avy amin'ny olona marary mankany amin'ny olona salama amin'ny alalan'ny fampiasana fitaovam-panindronana, fanjaitra na fitaovana hafa tsy voadio tsara (ao anatin'izany ireo fitaovana fandavahana sofina, fanjaitra fanaovana acupuncture, tomboka vatsa, na fanaovana didim-poitra). Maro ihany koa ny aretin-koditra sy nana miantomboka noho izany. **Isaky ny mandidy ny mandavaka ny hoditra dia tsy maintsy atao amin'ny fitaovana voadio tsara hatrany izany.**

Ireto misy fomba vitsivitsy hanadiovana ireo fitaovana:

- Ampangotrahana mandritra ny 30 minitra. (Raha tsy manana famantaranandro, ianao dia asio voam-bary 1 na 2 ao anatin'ny rano. Rehefa masaka ilay vary dia madio izay ilay fitaovana.)
- Na ampangotraho ao anatin'ny "cocotte minute" mandritra ny 30 minitra (na autoclave).
- Na alonay mandritra ny 20 minitra ao anatin'ny fangaro misy fatra 1 amin'ny eau de javel, fatra 7 rano, na ao anaty fangaro 70% ethanol alikaola. Raha azo atao dia ikarakarao fangaro vaovao isan'andro satria very ny herin'izy ireo. (Ataovy azo antoka tsara ny fahadiovan'ny ao anatin'ny fitaovana fanindromana amin'ny alalan'ny fisintonana ilay fangaro mankao ao anatin'ny ary afotsitsitra avy eo).



Rehefa manampy olona voan'ny areti-mifindra ianao dia sasao tsara matetika amin'ny savony sy rano ny tananao.